Rindran’ny Olompirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

*Antananarivo, faha 26 Aprily 2019*

# FANAMBARAN’NY FIRAISAMONIM-PIRENENA HETSIKA ROHY MAHAKASIKA NY FIAINAM-PIRENENA SY NY FIFIDIANANA

Ny Hetsika ROHY izay mamondrona Vovonana sy fikambanan’ny Firaisamonim-pirenena efa miisa 700 mahery manerana ny Nosy sy ny Firaisamonim-pirenena mpiara-miombon’antoka aminy dia mamerina manamafy sy manantitrantitra fa vonona ny hiara-misalahy amin'ny mpiantsehatra hafa indrindra ny rafi-pitondrana isan’ambaratongany amin’ny fampanjakana ny demokrasia, ny fametrahana ny fanjakana tsara tantana sy ny asa fampandrosoana maharitra ary tsy mitanila. Mampahatsiahy fa ao anatin'ny andraikitra sy fomba fiasany ny a) fandraisana anjara amin'ny adihevitra sy fifanakakalozana ary fanomezana soson-kevitra avy amin'ny zava-misy marina eny ifotony b) fanaovana ady sisika na vaky bantsilana amin'ny tsy mety misy d) fanaovana aro-fanina mba hampahomby ny zavatra atao ary mety hiendrika fanoherana raha toa ka voatohitohina ny tombontsoa ambonin'ny firenena e) ny fiaraha-miasa mivantana amin'ny fanomezana sy fanatsarana ny tolotra ho an'ny vahoaka sy ny olompirenena f) ny fanaovana tsirika na fanjohina ny asa vita indrindra ny mifanaraka amin'ireo fampanantenana lehibe nomena ny vahoaka sy ny olom-pirenena g) ny fiarovana ny tombontsoan'ireo marefo sy iharan'ny tsindry hazo lena eo amin'ny fisitrahany ny zo maha-olona. Koa noho izany dia manao izao fanehoan-kevitra izao izahay momba ny fifidianana sy ny fiainam-pirenena amin’ny ankapobeny.

## 1) MOMBA NY FIFIDIANANA

Nanaraka akaiky dia akaiky ny fizotran’ny fifidianana Filoham-pirenena ny taona 2018 ary mbola tsy hisahatra fa hanamafy izany amin’ireo fifidianana rehetra mbola ho avy eto amin’ny Firenena.

**Fifidianana Filoham-pirenena 2018 :** Tsy mitsahatra mitsikera ary miombon-kevitra amin’ny Firaisamonim-pirenena rahavavy hafa ny Hetsika ROHY manambara fa lavitry ny fahalavorariana ny fifidianana Filoham-pirenena 2018 raha tsy hitanisa afa-tsy ireto antony ireto :

a. Tsy tomombana ary nahitana lesoka betsaka ny lisi-pifidianana (maro ny olona tsy voasoratra, ny maty mbola voasoratra, ny voasoratra in-droa na maromaro, sns);
b. Natao amboletra tamin’ny alalan’ny kolikoly avo lenta ary feno fahabangana ny lalam-pifidianana nampiasaina (tsy tena mahaleontena ny CENI, notsoahina na nohamavainina ireo andininy miady amin’ny kolikoly sy miaro ny fampitoviana lenta ny kandida toy ny famerana sy ny fanarahana ny fiaviana ary ny fangarahara’ny vola ampiasaina amin’ny fampielezan-kevitra;
c. Tsy nampitovy lanja ny mpilatsaka ho fidiana ny tsy nametrahana Governemantan’ny Fanavotam-pirenena (Gouvernement de Salut Public) arafitry ny teknisiana tsy miandany amin’ny antoko politika fa ny Governemantan’ny marimaritra iraisana (Gouvernement de consensus) izay fitsinjaran-toerana ho an’ireo Antoko telo (HVM-TIM-MAPAR) ary efa fantatra mialoha fa hiandany amin’ireo antoko ireo sy ny mpitarika politika nanendry azy ny mpikambana tao anatiny no nirosoana

d. Tsy voafetra ary nampiteny ny moana sy tafahoatra loatra ny fampiasam-bola be, fanararaotam-pahefàna, kolikoly, fizaràna sy fampiasàna fitaovana mihoampampana sy goavana
e. Maro ireo fitoriana mikasika ny hala-bato, fifidianana vaton'olona, fampitahoran'olona sy fihetsika tsy ara-dalàna tena nisy kanefa tsy nahazo rariny satria voalaza fa tsy mitombina araka ny masontsivan'ny HCC;
f. Ambany dia ambany ary iva indrindra (48%) hatrizay nisian'ny fifidianana teto Madagasikara ny taham-pandraisan'anjara ny mpifidy.

Atoa Andry Nirina Rajoelina no notendren'ny HCC ho Filohan'ny Repoblika araka ny antontan'isa sy ny masontsivana nampiasainy. Misaotra an'Andriamanitra lehibe isika ary misaotra ny fahendren'ny Malagasy (na mpirotsaka na mpifidy na tsy mpifidy) nanaiky am-pitoniana fa tsy nisy ny korontana na krizy taorian'ny fifidianana satria tsy te-hiaina izany intsony ny Malagasy efa resy sy mahantra loatra.

Ny firaisamonim-pirenena dia tsy maintsy manaja ny lalàna manan-kery ka manantena fa ny Filoham-pirenena voafidy dia (i) hanatanteraka ireo fampanantenana rehetra nataony, (ii) hahay hampiray ny Malagasy ao anaty tanjona iombonana izay hahitan'ny tsirairay ny anjara masoandrony, (iii) hamela ny antoko politika sy ny firaisamonim-pirenena hanatanteraka malalaka ny andraikitra tandrify azy, (iv) hanaja ny lalàna velona eto amin'ny tany sy firenena ary (v) hiasa anaty ny fangararahana sy fampiharana ny tamberinandraikitra

**Fifidianana Solombavambahoaka sy fikasàna hampitambatra izany amin'ny fitsapankevi-bahoaka momba ny fanitsiana Lalàm-panorenana**

Efa nanomana fanambarana manokana mikasika ny tsy fanekena io fampiarahana ireo fifidianana roa ireo ny hetsika ROHY sy ny firaisamonim-pirenena miaraka aminy ary isan'ny antony lehibe anaovana izao fanambarana izao izany.

- **Miarahaba ny fanehoan-kevitry ny Fitsarana avo momba ny lalàm-panorenana (HCC) tao anatin'ny fahaleovan-tena izahay, izay manazava fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana izany fampiarahana fifidianana solombavahoaka sy fitsapankevi-bahoaka momba ny fanitsiana lalam-panorenana izany ary tsy fahefan'ny Filoham-pirenena irery velively ny fanovàna sy fanitsiana ny lalàm-panorenana** fa tsy maintsy mandalo ny fankatoavan'ny Antenimiera; noho izany tsy maintsy miandry ny fipetrahan'ny Solombavambahoaka voafidy. Dingana tsy maintsy lalovana alohan'ny hanaovana fitsapankevi-bahoaka momba ny fanitsiana lalam-panorenana ny faneken'ny farafahekeliny ¾ ny mpikambana ao amin'ny Antenimiera roa tonta araka ireo fepetra tokony arahana mifandraika amin'izany. Mankasitraka izahay satria mba ho tombontsoa ambonin'ny firenena dia nanome vahana ny fanapahan-kevitra tena miankina amin'ny Lalàm-panorenana amin'izay ny HCC fa tsy fanapahan-kevitra miankina betsaka amin'ny zava-miseho na tsindry ara-politika fotsiny ihany.
- **Tsy ny lafiny araka ny Lalàm-panorenana ihany anefa no tsy mampety io fampitambarana ny fitsapankevi-bahoaka sy ny fifidianana solombavambahoaka io fa ao koa ny tsy fanajana ny zon'olombelona** sy ny tsy fanarahana ny **lalàna momba ny fifidianana** araka ny fanambarana nataon'ny Sampana Fanaraha-maso ny fifidianana SAFIDY omaly 25 aprily 2019 tamin'ny 3 ora hariva.
    - **Ny vahoaka sy ny olompirenena no tompom-pahefana ary zo fototra ny fandraisana anjara feno amin'ny fifanakalozan-kevitra sy ny fandinihana ny andininy rehetra tokony sy tiana asiam-panitsiana ao amin'ny Lalàm-panorenana.** Tsy ampy velively ny fotoana hanatanterahana izany fampandraisana anjara ny olom-pirenena izany raha toa ka tery vay manta ao anatin'ny iray volana ny fandaniana ny fanitsiana Lalàm-panorenana. Ary na ny fotoana sy ny sehatra hanabeazana sy hampahafantarana fotsiny ny olompirenena momba

ny fanitsiana atao sy ny maha-zava-dehibe izany eo amin'ny fitantanana ny firenena aza dia ho tsinotsiniavina ary lasa ho tompon-trano mihono indray ny Malagasy maro an'isa.

- **Ny Lalàm-panorenana dia lalàna fototra hitondrana ny tany sy ny fanjaka, fitaovana manan-danja indrindra ampiasain'ny mpitondra mifandimby fa tsy ho an'ny mpitondra amperin'asa ankehitriny irery ihany** ary indrindra ifampifehezan'ny Malagasy manontolo tsivakivolo. Noho izany dia tokony anokanana fotoana sy sehatra ampy hanaovana fifanakalozan-kevitra sy loabary an-dasy eo amin'ny ankolafy sy mpiantsehara ara-politika, firaisamonim-pirenena, tsy miankina samihafa mba ahafahany mitondra ny fomba fijeriny sy anjara birikiny amin'ny fanatsarana sy fanitsiana ny Lalàm-panorenana.

- **Amin'ny maha-zava-dehibe ho an'ny firenena ny Lalàm-panorenena dia tsy azo hamaivanina ny fanatsarana sy ny fanitsiana azy.** Noho izany, na dia ekena sy hamporisihinay firaisamonim-pirenena aza ny ezaka ataon'ny Fitondrana ankehitriny amin'ny fitsitsiana amin'ny fandaniam-bolam-panjakana dia heverinay fa tsy ny vaindohan-draharaham-pirenena toy ny fanitsiana ny Lalam-panorenana no anaovana an-tandrevaka raha mihoatra ireo seha-pandaniana hafa izay mbola maro dia maro ny azo ahena sy anaovana fitsitsiana.

- **Ny CENI dia tokony hijoro sy hanamafy ny fomba fiasany ao anaty mangarahara sy manara-dalàna izay mba efa nahitana mangirana kely tamin'ny fifidianana teo aloha.** Singanina manokana amin'izany ny fanoloran'ny CENI ny soso-kevitra momba ny tetiandro sy datim-pifidianana ka miainga amin'izany no hamaritan'ny Governemanta ny androm-pifidianana. Tamin'ity indray mitoraka ity anefa dia tsy nisy na tsy nolazaina ampahibemaso fa amin'ny 27 may[1] koa ny fifidianana fitsapankevi-bahoaka fa avy hatrany dia ny didim-panjakana no nivoaka. Raha dinihina koa ny lalàm-pifidianana manankery dia 90 andro farafahakeliny mialoha ny fifidianana iray no anaovana ny fiantsoana ny mpifidy izay tsy voahaja ihany koa momba ity fifidianana fitsapankevi-bahoaka kasaina hatao ity. Manginy fotsiny ny hoe nampanao "antsapaka nizara ny fotoana hiadian-kevitra" ho an'ny mpomba na ny mpitsipaka ilay fitsapankevi-bahoaka ny CENI anefa na ilay volavolan-dalàm-panorenana miaraka amin'ny andininy asiam-panitsiana aza mbola tsy nivoaka ary tsy mbola fantatra mazava ny hoe iza ireo Komity mpanohana izany ary iza ireo komity tsy mankasitraka. Mikoropaka sy maika ny CENI ary tsy nanaja sy nanamafy ny fomba fiasany efa nety teo aloha ka mampanontany tena hoe tsy fahaiza-manao ve sa tsy mahazaka ny tsindry isan-karazany mihatra aminy. Ny CENI indray no mampiseho fihetsika sy fomba fiasa "mamparefo ny fahaleovantenany" ka hampitombo ny tsy fitokisan'ny vahoaka sy ny mpiantsehatra hafa aminy.

**Fehiny, manaiky ny firaisamonim-pirenena amin'ny maha-zava-dehibe ny hitondrana fanitsiana amin'ny Lalam-panorenana. Kanefa izany dia tsy maintsy ampanarahana feno ny lalàna manan-kery misy eto amin'ny firenena ary indrindra omena sehatra sy fotoana ny olompirenena, ny firaisamonimpirenena ary ny mpiantsehatra sy ankolafy hafa mba hisitrahany ny zo fototra maha-olona eo amin'ny fandraisana anjara sy fitondrana soso-kevitra amin'ny fanapahankevi-dehibe toy ny fanitsiana Lalàm-panorenana. Takiana ny fametrahan'ny Governemanta izany fotoana sy sehatra fifanakalozan-kevitra izany.**

**Mino koa izahay fa hanana fahendrena sy fanetren-tena ny CENI ka hitondra fanazavana, fialan-tsiny ampahibemaso ary fanatsarana noho ireo fihetsika sy fomba fiasa tsy matotra nisy teo amin'ny fitantanana ity fikasàna hanambatra ny fifidianana Solombavambahoaka sy fitsapankevi-bahoaka ity.**

[1] Ny CENI ohatra dia efa nanao soson-kevitra amin'ny daty hanatanterahana ny fifidianana kaominaly ary nanao soson-kevitra mialoha ny tetiandrom-pifidianana foana tamin'ny fifidianana Filoham-pirenena 2018 sy ny fifidianana Solombavam-bahoaka ny 27 may 2019.

2- Satria vita iny ny fifidianana, ny ady amin'ny fahantrana indray izao no mila hatrehina.Ny Governemanta dia tokony mifanaraka amin'ny teny nomena sy ny laharam-pahamehana nefa ao anatin'ny fitsitsiana :

a. **Mankasitraka ny ezaka itsitsiana tamin'ny fanenana ny isan'ny Minisitera sy ny mpikambana ao amin'ny governemanta ka ny laharam-pahamehana lehibe** no ampivondronana ny sehatra isan'isany.

b. **Ny fahaiza-manao no mason-tsivana hanendrena sy hitazonana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ka zava-dehibe ny fahaiza-mitantana, ny fananana etika toy ny fahamarinana, ny fiasana ao anatin'ny mangarahara**, ny firaisana miombon'antoka amin'ny làlana politika faritana, ary farany ny fifehezana ny ara-teknika fototra momba ilay sehatra. Kianinay koa ny tsy fametrahana ny miralenta 50% sy 50% eo anivon'ny Governemanta izay fanapahan-kevitra heverina tsotra indrindra ny fanatanterahana azy satria maro ny vehivavy manana ny fahaiza-manao sy traikefa ary afaka manatanteraka ny andraikitra. Vao maika nanampy trotraka ny tsy fanomezan-danja ny vehivavy tamin'ny fanendrena ireo Tompon'andraikitra ambony isan'ambaratongany (SG, DG, Dircteurs, Régions, Directeurs régionaux). Ary na ireo vehivavy natolotry ny antoko (na eo amin'ny fitondrana na tsy eo) amin'ny fifidianana Solombavambahoaka aza dia tena maivan-danja.

c. **Ny tanora no nampiseho ny fahaiza-manao sy isan'ny nanohana ny fipetrahan'ny Fitondrana ankehitriny ka nampiseho fa afaka mahazaka ny andraikitra ambony koa izy ireo.** Ny Filoham-pirenena ankehitriny koa dia mbola latsaky ny 35 taona tamin'ny nandraisany andraikitra lehibe teto amin'ny firenena (Ben'ny tanàna) ary ny Filoham-pirenena dia mirehareha fa izy no Filoha tanora indrindra aty Afrika. Ny mahagaga anefa dia natao ankilabao ny tanora tamin'ny fanendrena Governemanta ka tsy misy tanora latsaky ny 35 ireo Mpikambana rehetra. Rahoviana vao tsy atao fitaovana politika sy tohatra fiakarana ahazoana fahefana ny tanora.

d. **Hajaina ny teny nomena fa "Fanamby/contrat de performance" no hidirana sy hijanonana ao amin'ny Fitondrana sy Governemanta.** Tsy mbola misy mahafantatra anefa izany fanamby ifanarahana sy hitsarana ny Tompon'andraikitra izany. Takianay ny hizarana ampahibemaso ny "dingana" sy ny "masontsivana" ho tratrarina isaky ny vanim-potoana mba ahafahan'ny olompirenena manara-maso fa nahatanteraka na tsia ny andraikitra nomena azy ny Tompon'andraikitra (mpikambana ao amin' ny Governemanta) iray ary ny Fitondram-panjakana iray.

e. **Manaiky ny hiasa ao anatin'ny mangarahara tanteraka ny ny Tompon'andraikitra ambony rehetra ka tokony manao fanambaram-pananana ampahibemaso** ary manaiky ny fanarahamaso ataon'ny rafitra mpanao izany isan-taona. Ny mpitantana voalohany (Filoham—pirenena sy ny Praiministra) no tokony mitarika ny fanaovana izany fanambaram-panana ampahibe-maso izany.

f. **Omena lanja ny olom-pirenena ka hampiharina ny fangaraharahana ary atao ho fomba fiasa ny fanaovana tatitra ampahibe-maso matetika isaky ny Tompon'andraikitra sy rafi-panjakana.** Ankasitrahana ny fanaovana tatitra isaky ny 100 andro izay ho atomboka ho tanterahina ny Alahady 28 aprily 2019 izao. Tokony ho tohizana sy hamafisina ary apariaka any amin'ny faritra izany fa tsy ajanona mandritra ny fotoam-pifidianana ihany.

3- FITSINJARAM-PAHEFANA TENA IZY.
Omena vahana ny fandraisan'ny eny ifotony fanapahan-kevitra sy fahefana amin'ny alalan'ny fitsinjaram-pahefana tena izy ka atomboka amin'ny fampitomboana ny teti-bola tantanana eny ifotony ary ny fifidianana mivantana izay ho Filohan'ny fokontany mba tena ho tompon'andraikitra feno amin'ny faritra iadidiany ary tsy apetraka ho eo ambany fanendren'ny distrika intsony.

Ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana sy fanapariaham-pahefana tena izy anomezan-danja sy hasina ny Fokonolona, ny Fokontany ary ny Kaominina dia azo tanterahina soa aman-tsara ao anatin'ny fotoana fohy amin'ny fampiharana feno ny lalàna momba ny ny fitsinjarana sy ny fanapariaham-pahefana manan-kery amin'izao fotoana izao. Tsy ilàna fiandrasana ny fanovana sy fanitsiana ny lalam-panorenana izany ka tsy afaka atao fialàna hirika tsy anatanterahana sy tsy ahavitana ny andraikitra amin'ny fampandrosoana haingana eny ifotony.

4- ADY AMIN'NY KOLIKOLY

Mankasitraka ihany koa ny fanasaziana ireo fenetriben'ny firenena voakasika amin'ny resaka trafika sy kolikoly vaventy eto amin'ny firenena. Mamporisika ny fanohizana izany amin'ny lafiny rehetra ary tsy manao mizana tsindrian'ila indrindra ireo "dossier" efa fanta-poko fanta-pirenena.

Mankasitraka ny fanombohan'ny dingana hirosoana amin'ny fanoloana ny Tale Jeneralin'ny BIANCO manomboka amin'izao fotoana izao. Satria avy amin'ny Firaisamonimpirenena ny filohan'ny CSI amin'izao fotoana izao dia manantena izahay ny hisian'ny mangarahara tanteraka amin'ny fifantenana sy fisafidianana izay ho Tompon'andraikitra ambony eo amin'ny BIANCO sy amin'ny sehatry ny ady amin'ny kolikoly rehetra.

Takiana ny fahavononana ara-politika hametrahana ny enti-manana ara-bola, ara-pitaovana sy ny lalàna ampy hanatanterahan'ny Rafitra mpiady amin'ny kolikoly ny andraikiny. Tokony ho apetraka ny lalàna momba ny fanagiazana sy ny famerenana ny fananana azo amin'ny tsy ara-drariny sy tsy ara-dalàna (Loi sur le recouvrement des avoirs illicites).

Ireo rafitra miady amin'ny kolikoly sy ny fanaraha-maso ny volam-panjakana sy ny asam-pitsarana rehetra dia tsy tokony ho tsabatsabahan'ny Filoha sy ny rafitra Mpanatanteraka rehetra. Ao anatin'izany ny CSM, IGE, Cours de comptes, ny rafitra rehetra miady amin'ny kolikoly

5- FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA SY NY FANANAN-TANY NY MALAGASY, SAMIHAFA

Atao ho zava-dehibe ny maha tompon'ny firenena sy ny tontolo iainana ary ny tany ny Malagasy. Tokony hihena na tsy hisy intsony ny fakàna tsy an-drariny ny tany izay foto-pivelomana sy ivon'ny soatoavina malagasy ka ho foana, havalon'ny tantara ny fandrobana ny tanin'ny tantsaha ho tombontsoa tsy ara-drariny ny Orinasa vaventy na ny vahiny.

Aok'izay ny fanaovana ny trafika sy varo-boba ny harem-pirenena sy ny famotehana ny tontolo iainana mba ahafahan'ny olompirenana miaina sy ny taranaka mifandimby manana otrik'harena ahafahana mivelona.

Averina ao amin'ny Lalàm-panorenana izay hahitsy ny andininy faha-35 tao amin'ny Lalam-panorenana tamin'ny Repoblika fahatelo mikasika ny fiandrianan'ny Fokonolona sy ny fitandrovany ny tontolo iainana sy ny fananan-tany.

Tohizana ny soatoavina amin'ny fahalalahana miteny sy maneho hevitra amin'ny lafiny rehetra na an-gazety, ny haino aman-jery na ny fanehoan-kevitra ankalamanjana na amin'ny tambazotra sosialy. Isan'ny zava-dehibe ny fahalalahan'ny haino aman-jerim-panjakana hivoy hevitra samihafa na ny an'ny mpanohitra aza, fa atao ao anaty fahendrenamalagasy, mba hitohizan'ny adihevitra demokratika momba ny fitantanana ny firenena.

**Apetraka ny sehatra na rafitra ifanakalozan-kevitra mivantana sy matetika amin'ny mpiantsehatra tsirairay : ny firaisamonim-pirenena, ny sehatra tsy miankina, ny tanora sy ny mpianatra eny amin'ny Anjery manontolo mba ahafahana mihaino ny fomba fijeriny ny politika hitondrana ny firenena.**

**Dia manantena fa afaka mihaino ny feon'ny firaisamonim-pirenena ny Filoham-pirenena vaovao sy ireo mpiara-mitantana aminy ao anatin'ny Governemanta ary hisy tsy ho ela ny sehatra sy ny fotoana ahafahana mifampidinika ny zava-mahasoa ny firenena.**

Ataovy mangarahara sy ara-drariny ny fitantanana ary aoka mba tsy ho tompon-trano mihono ny Malagasy. Samy hanana sehatra ahafahany mitondra ny anjara birikiny ary ho afaka misitraka ny tombontsoa azo avy amin'izany.